Mahazendana ny tranga niseho tao Amparihibe,

Kaominina Andranofotsy,

Distrika Maroantsetra, Faritra Analanjirofo.

Ny talata faha-21 Aogositra teo no heno fa raha sendra nivory tany amin'ny toerana iray lavidavitry ny saha ny fokonolona, dia tonga ny zandary niaraka tamin'ny manam-pahefana ambony iray, fanta-daza ao amin'ny rafim-panjakàna ao amin'ny Distrika Maroantsetra, sy olona izay nandrava ny fefy ary nanapaka ny hazo sy nanongotra ny fototra lavanilina.

Rehefa tonga ny fokonolona dia nilaza tamin'ny zandary ilay manam-pahefana hoe "Tifiro raha vao manao hetsika". Afaka kelikely dia nilaza ilay manam-pahefana hoe "Ndao ny solontenanareo fokonolona hiaraka aminay ho any amin'ny Biraon'ny kaominina".

Rehefa tonga tany ka nihaona tamin'ny Ben'ny Tanàna dia nilaza hono ireto manam-pahefàna hoe :

- "Omeo anay ny ampahany amin'ny tany".
- "Inona hoy ilay solontenan'ny fokonolona no tany ho takalony ?"
- "Tsy misy", hoy ny valiny.

"Aleo ary aloha aho hifampidinika amin'ny fokonolona" hoy ilay solontena dia lasa namonjy ireo namany izy. Nandà tanteraka izany fangatahana izany ny fokonolona rehefa nandre ny tatitra.

Mahagaga sy mahatalanjona ilay fihetsika sy fomba amam-panaon'ireto manam-pahefàna. Ny vokatry ny fanimbàn-javatra no misy azo sary ny ampitso, ka ireto aseho ny rehetra eto ambany ireto.

Araka ny efa voalaza teo aloha (*), dia sady mitady ny fomba rehetra handroahana ny mponina avy eo amin'ireo tany ireo ireto manam-pahefàna ireto no milaza fa hametrahana olona avy any amin'ny fokontany hafa eo, no anton'izany. Asa raha marina ilay voalaza fa 500 Ariary no vola haloan'izay te-hahazo tany eo amin'io toerana io amin'ny manam-pahefàna, ka nisy nisoratra anarana sy nanome ny kara-panondrony. Sao dia tokony handinika lalina izay olona voasarik'izany hevitra izany ka mandoa vola, fa mety ho vetivety koa dia ho esorina teo izy satria sady tsy vidiny no tsy hofan'ny tany izany vola izany ?

Hanimba sy hanongotra ny voly rehetra **hanandramana hanaporofoana fa tany tsy nisy nanamaintimolaly sy tsy nisy nampiasa ny ao Amparihibe ve no zava-kendren**'ireto manam-pahefàna ? Ny foto-piveloman'ny olombelona tsy hajainy sy tsy omeny hasina ka **mampanahy mafy koa ny amin'ireo omby** rehetra anatin'ny kijàna. **Inona koa izao no sanatrian'izany fikasàny momba ireo fasana** maro misy ao Amparihibe ?

Mangataka ireo tompon'andraikitra sy ny Fikambanana ary Olom-pirenena mikajy ny hisian'ny **Fanjakàna Tan-dalàna ary mpiaro ny Zon'Olombelona sy ny Tontolo Iainana** handinika sy handray fepetra manoloana izao fisehoan-javatra izao.

Vao maika manamafy ny **ANTSO AVO** amin'ny olompirenena rehetra ny Fikambanana TANY miaro ny tany Malagasy mba **hanara-maso ny zava-miseho tsy azo ekena ao Amparihibe** sy hanohana ny fokonolona izay hiaran'ny tsy rariny ary mandry andriran'antsy.

Parisy faha-23 Aogositra 2018

Fikambanana TANY miaro ny tany malagasy – Collectif pour la Défense des Terres Malgaches – TANY

patrimoine.malgache@yahoo.fr; http://terresmalgaches.info; www.facebook.com/TANYterresmalgaches

(*) Efa nisy Antso Avo momban'Amparihibe nivoaka teo aloha, izay azonao jerena ato amin'ity rohy ity : http://terresmalgaches.info/spip.php?article225

Santionany amin’ny SARY NALAINA ny faha-22 Aogositra 2018 tao AMPARIHIBE

Ireo hazo voatapaka sy lavanilina simba

Kijànan’omby iray